

*Leo noho ny fahatsapana ho toy ireny tsy mpianatra toy ny rehetra ireny i Rosi.*

# Ny vavaka nataon'i Rosi

**Nosoratan'i Lucy Stevenson Ewell**
(Niainga avy tamina tantara marina)

Natonton'i Rosi teo amin'ny tany ny kitapo fibabiny. Vao avy nahavita ny andro faharoa tamin'ny fanatrehana ny kilasiny vaovao izy. Ary tsy andro tsara izany.

"Fa misy inona?" Hoy i Neny nanontany.

Nidaboka teo amin'ny sezalava i Rosi. "Nilaza zavatra nandratra ahy ny ankizy sasany tao amin'ny kilasiko," hoy izy. "Mikasika ny maha-zarazara hoditra ahy izany."

Tsy dia nisy olona maro nitovy lokon-koditra tamin'i Rosi, noho izany dia nahatsapa ho toy ireny tsy mpianatra toy ny rehetra ireny izy. Saingy vao mainka nampirongatra izany ny fananihaniana.

Sahiran-tsaina i Neny. "Mampalahelo izany," hoy izy. Nofihininy i Rosi. "Hiresaka amin'ny mpampianatrao momba izany aho."

Saingy mbola nisy nananihany ihany i Rosi ny andro manaraka tany an-tsekoly. Nisy ankizilahy iray tao amin'ny kilasiny izay naneho haratsiam-panahy taminy nandritra ny andro iray manontolo.

Nalahelo i Rosi. Saingy nahatsapa hatezerana koa izy. Indraindray rehefa nampiseho tsy fahalalam-pomba tamin'i Rosi izy dia novalin'i Rosi koa izany. Saingy tsy nampahazo aina azy kokoa izany.

Indray andro rehefa tonga tao an-trano avy nianatra i Rosi dia tonga dia nihazakazaka nankany amin'ny efitranony. Reraka izy noho ireo hanihany natao taminy. Reraka izy noho ny fahatsapana ho toy ireny tsy mpianatra toy ny rehetra ireny. Nasitriny tao amin'ny ondany ny tarehiny ary nitomany izy.

*Inona no hataoko?* hoy izy nieritreritra. Tsy te hahatsapa ho toy izany izy mandritra ny ambin'ny taom-pianarana.

Nofafan'i Rosi ny ranomasony. Avy eo dia nijery ilay sarivongana kelin'i Jesoa teo amin'ny talantalana fitoeram-bokiny izy. Nomen'i Neny an'i Rosi izany mba hampiana azy hahatsiaro an'i Jesoa.

*Angamba tokony hivavaka aho*, hoy izy nieritreritra. Nandohalika izy ary nampifanindry ny tanany.

"Ry Ray any An-danitra ô, tena maratra ny ato anatiko. Maneho haratsiam-panahy amiko ny mpiara-mianatra amiko noho izaho zarazara hoditra, ary tena mampalahelo ahy izany. Mba ampio aho."



SARY NATAONT SHAWNA J. C. TENNEY

Nampahazo aina ny nilaza tamin'ny Ray any An-danitra ny zavatra tsapany. Fantany fa nihaino Izy. Nahatsapa ho heniky ny hafanana sy fitiavana izy, toy ireny hoe nisy bodofotsy malefaka ireny namono azy. Nahatsapa izy fa tsara ny lokon'ny hodiny. Zanak' Andriamanitra izy ary tiany izy.

Rehefa vita ny vavaka nataon'i Rosi dia nanana hevitra izy. Angamba mety misy zavatra maro azony atao mba hampiana any an-tsekoliny.

Ny herinandro manaraka dia niresaka tamin'ny tompon'andraikitry ny sekoly i Rosi sy ny reniny mikasika ny zava-mitranga ao amin'ny kilasiny. Nikaroka an'ireo ankizy hafa tao an-tsekoly izay iharan'ny hetraketraka i Rosi ary lasa mpinamana tamin'izy ireo izy. Niezaka tsy niraharaha ilay ankizilahy nananihany azy izy. Ary tany am-piangonana ny alahady dia nizara ny fijoroana ho vavolombelona ananany izy fa tia ny *olona rehetra* ny Ray any An-danitra.

Tsy tonga dia nilamina ny zava-drehetra tany an-tsekoly. Saingy rehefa sarotra izany dia tsaroan'i Rosi ny zavatra tsapany nandritra ny vavaka nataony. Zanak' Andriamanitra izy, ary tiana izy. Ary noho ny fahafantarany izany dia afaka mahavita na inona na inona izy. ●



## IREO TOROHEVITR'I ROSI MBA HAMONGORANA NY FANAVAKAVAHAM-BOLONKODITRA

Ny hoe **FANAVAKAVAHAM-BOLONKODITRA** dia rehefa misy olona iharan'ny tsy rariny noho ny lokon'ny hodiny na noho ny fiaviany. Izao no azonao atao:

- Tsarovy fa zanak' Andriamanitra ianao.
- Raiso amim-pitiavana sy amin-katsaram-panahy ary amim-panajana ny olona rehetra. Tsarovy fa zanak' Andriamanitra koa izy ireo.
- Raha toa ianao ka iharan'ny hetraketraka na mahita olona iharan'ny hetraketraka, dia miresaha amin'ny olon-dehibe iray. Mijoroa amin'ny maha-ianao anao, kanefa aza fihetsika mifono haratsiam-panahy toy ny nasehony no hamaliano azy.
- Zarao amin'ny hafa ireo zavatra niainanao: Ampio izy ireo hahafantatra fa tsy irery izy ireo.
- Mijoroa ho an'ireo hafa izay iharan'ny tsy rariny. Aoka ianao ho naman'izy ireo.